# FIANGAVIANA an'Atoa FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA MALAGASY

**handray andraikitra ka handresy lahatra ny orinasa QMM Rio Tinto handoa ny vola nasain'ny Fitsaràna alohan'ny orinasa ho an'ireo fianakaviana 27 ao Andranokana tokony hahazo onitra 9,9 lavitrisa Ariary (9,9 milliards d'ariary) noho ny tsy nahafahany namboly hanin-kohanina hatraminy nametrahan'ny orinasa ny seuil déversoir.**

---

Namoaka fanambaràna faharoa ny orinasa QMM Rio Tinto ny zoma 4 septambra teo fa hotohizany ny fampihatoana ny asa fitrandrahana, satria hono na teo aza ny ezaka sy fifanakalozan-kevitra nataon'ny ankolafiny rehetra ahatonga ny fanalàna ny fanelingelenana ny làlana mankany amin'ny toeram-piasan'ny orinasa ataon'ny mponina sasany, dia tsy mbola azon'ny orinasa antoka fa ho afaka hifamezivezy an-kahalalahana sy amin'ny fomba maharitra izy eo amin'ny fantanterahany ny asa fitrandrahany.

Tsiahivina moa fa rehefa nandre ny antso vonjy nataon'ireo fianankaviana ao Andranokana mitaky amin'ny orinasa hanatanteraka ny didim-pitsaràna mahakasika ny tokony handoavan'ny orinasa ny atsasaky ny vola an-tapitrisany ariary ny Collectif TANY taminy 29 aogositra (1). Voamarina tamin'ny rakitra navoakan'ny fikambanana (2) manara-maso akaiky ny raharaha fa fianakaviana 27 no tokony homena ny atsasaky ny 9,9 milliards ariary amin'izy ireo dien'izao, araka ny didy nivoaka ny Fitsaràna 18 febroary 2026 izay namafisin'ny rafi-pitsaràna ambony kokoa ny 4 aogositra nefa nolavin'ny orinasa QMM Rio Tinto hatrany.

**Mitodika amin'Andriamatoa Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika androany miangavy azy hiaro ny vahoaka sy handresy lahatra ny orinasa QMM Rio Tinto handoa tsy misy hataka andro ny onitra asain'ny Fitsaràna haloany. Antony telo no mahatonga izany :**

1. Nanao fianianana Andriamatoa Michaël Randrianirina tamin'ny 14 Oktobra 2026 teo anatrehan'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana hoe "Eto anatrehan'Andriamanitra Andriananahary sy ny Firenena ary ny Vahoaka, mianiana aho fa hanantanteraka an-tsakany sy an-davany ary amim-pahamarinana ny andraikitra lehibe maha - Filohan'ny Firenena Malagasy ahy. Mianiana aho fa hampiasa ny fahefana natolotra ahy ary hanokana ny heriko rehetra hiarovana sy hanamafisana ny firaisam-pirenena sy ny zon'olombelona. Mianiana aho fa hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalàmpanorenana sy ny lalàm-panjakana, hikatsaka hatrany ny soa ho an'ny Vahoaka malagasy tsy ankanavaka", araka ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalam-panorenana malagasy ;



2. Tompon'ny 20 isan-jaton'ny petra-bola ao amin'ny orinasa QMM Rio Tinto ny Fanjakàna malagasy, noho izany tokony hiaro ny tombotsoan'ny mponina malagasy rehefa misy fifanolanana toy izao ;

3. Betsaka lavitra noho io voalaza io ny onitra tokony haloan'ny orinasa amin'ny mponina ao amin'ny faritra Anosy raha ny rariny sy hitsiny, noho ny fahavoazana lehibe nihatra tamin'ny antom-piveloman'ny mpanjono taorian'ny nametrahana ny seuil déversoir.

Maro tokoa mantsy ny rakitra navoakan'ny rafitra samihafa sy lahatsoratra an-gazety mampiseho fa novain'ny seuil déversoir ny zava-misy samihafa tao anatin'ny rano ka nanakana ny fahatongavan'ny « 90 isan-jaton'ny karazana trondro » afaka nohanina sy namidin'ny mponina teo aloha (3) (4), teny amin'ny faritra fanjonoan'ny mponina. Ka tena nikoroso fahana ny fari-piainan'ny mponina manodidina ny toeram-pitrandrahana harena ankibon'ny tany ao Mandena.

Ny 11 aogositra moa dia namoaka fanambaràna ofisialy voalohany ny orinasa QMM Rio Tinto nilaza « fa noho ny fisian'ny fanakanana ny làlana mankany amin'ny toeram-piasàny efa ho 3 herinandro dia ahatony ny asa fitrandrahana. »

Tsy nahasakana ny fizotry ny asa anie izany ireo fanelingelenana nataon'ny mponina nandritry ny 3 herinandro e. Fa ny orinasa no nanapa-kevitra hampiato ny asany. Noho izany, raha dinihina ilay fanambaràna navoakan'ny mpanao gazety iray momba ny tsy tokony hanakanana ny orinasa tsy hamokatra rehefa misy didim-pitsaràna tsy ampiharina sy zon'olombelona tsy voahaja, dia ny orinasa no nanapa-kevitra fa hampijanona ny famokarana.

## Fehiny

QMM Rio Tinto no orinasa lehibe voalohany nitrandraka tao Madagasikara. Tsy mitsahatra ny tolon'ny mponina manoloana ny fanimbana ny tontolo iainana sy fanapotehany ny antom-piveloman'ny mponina.

Tsy tokony havela ho maty manota sy tsy manaja ny didim-pitsaràna io orinasa io satria maro ireo tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany kasain'ny mpitondra fanjakàna havela hiasa eto Madagasikara, ka sady tsy tokony hilavo lefona manoloana ny ratsy nihatra tamin'ny lasa, no tokony haka lesona sy ho mailo ary tsy hanaiky ny fiantraika ratsin'ny fitrandrahana amin'ny fiainan'ny mponina ny vahoaka sy ny mpandray fanapaha-kevitra.

**6 septambra 2026**

**Ny fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgaches - TANY**

## Références


**(1)** https://terresmalgaches.info/collectif-tany-qmm-rio-tinto-madagasikara-anosy-zon-ny-mponina/

**(2)** https://www.facebook.com/transparencymadagascar/posts/pfbid0M16KqJZmJe1j67xeeKb4SgnrRgc9E3WKvFh2KWshuMbkcCT75Gw2EjzqYcpPSmYnl

**(3)** https://miningobs.mg/cas/qit-madagascar-minerals-qmm

**(4)** https://www.business-humanrights.org/fr/derni%C3%A8res-actualit%C3%A9s/les-impacts-n%C3%A9gatifs-du-seuil-d%C3%A9versoir-mis-en-place-par-la-soci%C3%A9t%C3%A9-mini%C3%A8re-qmm-%C3%A0-tolagnaro-fort-dauphin-en-2009-sur-la-vie-des-riverains-interview-janvier-2018/